


ALAHADY 4 Fiavian'ny TOMPO - TAONA A

"Indro ny Virjiny hitoe-jaza ka hiteraka Zazalahy, ary ny Anarany hatao hoe Emanoela, izany hoe: amintsika Andriamanitra"



Ry Kristianina havana raha afaka andro vitsivitsy dia hiaraka hankalaza ny fetin'ny Noely isika, anio tokoa moa ny Alahady faha-4 fiavian'ny Tompo. Matetika isika

namerimberina fa ny fankalazana ho antsika dia midika zavatra lalina satria tsy hoe mahatsiaro fotsiny isika fa ny Noely dia Andriamanitra eto amintsika, Emanoela no anarany. Tsy hoe "anniversaire" n'i Jesoa no ankalazantsika fa noho ny asan'ny Fanahy masina dia mahatsiaro ilay fiaviana tamin'izany fotoana izany isika no sady

mivelona no miaina an'izany fotoan-dehibe nahatongavan'ny zanak'Andriamanitra ho olombelona ka izao Alahady faha-4 izao dia mialoha an'izany fankalazana izany. Tsara koa ny manamarika fa ao anatin'ny dingana faharoan'ny Sinaody isika izao, dingana faharoa izay handinhantsika manokana ny « FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO IAINANA ». Matoa tonga nofo ny zanak'Andriamanitra dia hanavao miaraka amintsika ilay fifandraisana robaka tamin'ny zava-boary. Noho izany tena misy fifandraisana lalina amin'ny fahaizantsika mandray an'i Jesoa ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary. Raha manaiky handray an'i Jesoa dia miroso koa amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Manavao sy manatsara ny fifandraisana amin'ny zava-boary.

Ny fanontaniana mipetraka dia hoe : « vonona ve isika handray an'i Jesoa ary fomba ahoana handraisantsika azy ? »

Azontsika ognona ny maha-lehibe ny vanim-potoana ny Avent. 4 herinandro isika no nandinika hoe : ahoana no mety hivelomantsika an'izany fiavian'ny Tompo izany ary hahafahantsika mandalina ny finoantsika fa indrindra mbola ao anatin'izao

Vakiteny I : Iz. 7,10-14

Salamo : Sai. 123

Vakiteny II : Rôm. 1,1-7

Evanjely : Mt. 1,18-24

Sinaody izao. Tsy lavitra i Jesoa Kristy, tsy lavitra ny Andriamanitsika fa Andriamanitra miara-dàlana amintsika, olombelona miara-belona amintsika satria izany tokoa no nahatongavany ho nofo.

Ry Kristianina havana, aoka hiezaka bebe kokoa isika hamantatra ny dikan'izany rehetra izany eo amin'ny fiainantsika ary izany indrindra no votoatin'ny fampianaran'ny Eglisy amin'izao Alahady faha-4 ny fiavian'ny Tompo izao. Nanome ohatra velona ho antsika ny Eglisy, dia i Masindahy Josefa izay naina tamin'izany vanim-potoana izany.

Ahoana no niainany an'izany ka hahatonga antsika koa hivelona an'izany vanim-potoana izany tahaka azy ? Tsy hoe Andriamanitra lavitra ny Andriamanitsika fa miara-dàlana, eo anivontsika dia i Jesoa amin'izao vanim-potoana iainantsika izao. Ny amin'ny Evanjely dia mitantara ny nahatongavan'i Jesoa ho nofo ka i Md Josefa dia azo lazaina fa izy no ivon'ny tantaran'ny fahatongavana io ka isika tsirairay koa amin'izao vanim-potoana izao dia ivon'izany fahatongavana izay famonjena nentin'Andriamanitra izany. Nananaanjara toerana lehibe tokoa amin'ny tantaram-pamonjena i Md Josefa, tsy handinika an'izany isika fa isika tsirairay koa dia manana anjara lehibe.

Samy mahafantatra isika fa mila famonjena izao androntsika izao. Mila miova ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainana mba ho tontolo iainana hahafahantsika fivelarana ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra.

Ahoana no nandraisan'i Md Josefa ny famonjena mba ho modely ho antsika ?

Ohatry ny fiainantsika tsirairay avy ny fiainan'i Josefa sy Maria ary niditra tamin'ny fiainan'izy ireo ny famonjen'Andriamanitra dia tsy iza fa i Jesoa. Asain'ny Eglisy isika handinika ny toetran'i Josefa. Lazain'ny Evanjely fa lehilahy marina sy azo itokisana izy. Mampahatsiaro ny hafatry ny eveka io tenin'ny Evanjely io : Tsy ny hoe ny harena no tsy misy eto amintsika, tsy ny hoe olomanga no tsy misy, tsy hoe ny manam-pahaizana no tsy misy eto Madagasikara fa mahantara olomarina i Madagasikara ka mila mianatra isika, mila mijery ireo modely azo alaina amin'izany ka anisany i Md Josefa. Araka ny hitantsika tamin'ny Evanjely androany (*Mt. 1, 18-24*) tsy te-hanala baraka an'i Maria izy ka nikasa hametraka azy mangingina nefo noho izay maha marina azy izay (amin'ny teny baiko ny marina dia hoe : honnete, vrai, juste, responsable), tsy misy fitapitaka tahaka an'i Natanaely izay natao ho lehilahy marina koa.

Raha tiantsika àry fa hitondra an'izany famonjena izany eo anivon'ny fiainantsika isika dia aoka ho marina ka amin'izao Noely izao no fiomanana lehibe indrindra hahatonga izany famonjena izany araka ny voalazan'Izaia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany (*Iz. 7, 10-14*) Antenaintsika fa haneho famantarana lehibe ho antsika Andriamanitra dia tsy inona fa hiteraka zazalahy ny Virjinydia i Masina Maria. Mistery lehibe no ankalazaintsika amin'ny Noely ka ao anatin'ny

fivelomananyf ahamarinana, tsy misyfitapitaka, tsy mivelonaanatin'nylainga na risoriso fa fiainam-baovao no entin'i Jesoa. Isika tsirairay koa dia olomarina tahaka an'i Josefa sy Maria dia hitondra fahamarinana. Mety mampitolagaga olona izany ary tsy azon'ny fahendren'izao tontolo izao eritreretina fa izany kosa no mitondra famonjena ho antsika.

Mety hanontany isika inona no mety hifandrais'an'izany amin'ny lohahevity ny Sinaody ? Raha mivelona ny marina, mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ary manaja ny soatoavina malagasy dia ny fihavanana dia manarina ny Tranobe iombonana efa robaka, ny tontolo iainana simba. Mivelona ny lohahevitra tokoa raha manao ny marina. Tsy manapotika ny tontolo iainana isika raha marina tahaka an'i Md Josefa.

Voalaza sy hamafisin'i Md Paoly izany ao amin'ny vakiteny faharoa(*Rôm. 1, 1-7*) fa tena zanak'Andriamanitra tokoa i Jesoa izany hoe famonjena ho antsika, tonga hamangy antsika ary io no vaovao mahafaly izay zaraina amintsika, Zanak'Andriamanitra tonga olombelona ka eo anivontsika. Izy no mizara ny fahasoavany amintsika ka hahatonga antsika ho velona ao amin'ny fiadanan'i Kristy.

Raha mandinika isika ny fiainantsika ry Kristianina havana izay lazaintsika matetika fa mikoroso fahana, ao anatin'ny fahasahiranana dia marina tokoa izany. Raha mijery ny fahasimban'ny tontolo iaianana vokatry ny hetraketraka ataontsika dia samy miaiky fa mila fiovana. Niainan'i Josefa sy Masina Maria ilay fianakaviana masina tao Nazareta izany rehetra izany ka raha te-handray an'i Jesoa isika dia raisintsika ho modely i Md Josefa ka ho olomarina isika izany hoe "honnête, juste, vrai, responsable". Ny konsiansy no tao amin'i Josefa tsy hoe ilay feon'ny fieritreretana fotsiny fa ny maha izy azy satria izy dia efa fofombadin'i Maria ary efa nisy fisehoana fa mbola tsy tanteraka ny fanambadiana, ka ny konsiansiny no tsy nanaiky an'izay. Nambaran'Andriamanitra taminy ny lalan-kaleha ka nanaiky an'izany izy ka nampiakatra ho vady an'i Masina Maria.

Ry Kristianina havana, raha te ho marina isika dia aoka ny konsiansintsika no mibaiko antsika. Matetika aho maka ohatra amin'ny "sage femme". Miala tsiny amin'izy ireo. Mpampivelona no dikan'ny hoe "sage femme" ka raha sanatria tsy mamelona intsony dia tsy mivelona intsony ny identité ka mikorontana ny fiainany. Tsy mahita ny tena toerany torak'izany koa raha dokotera na mpampivelona ianao dia nanao sermon hamelona, raha pretra ianao aoka hanana konsiansy maha pretra, raha eveka ianao aoka konsiansy maha eveka no ho ao aminao, raha olona manam-pahefana manana adidy amin'ny mpiara-belona ianao aoka ho konsiansy maha manam-pahefana anao tahaka an'i Josefa lehilahy marina no ho ao aminao amin'ny fiainana manontolo. Toraka izany koa isika natao "hikarakara, hikolokolo

ny zava-boary, hanjaka fa tsy hanjakazaka” ka very ny identitentsika. Io no asalohan’i Md Josefa raha nahare izy fa bevohoka ny fofombadiny...Mila “MARINA” isika mba ho mpiaro ny zava-boary.

Ry Jesoa Tompo o, eo anivonay ianao, tsy lavitra ianao fa miara-dalàna aminay, manambara ianao androany fa i Md Josefa ray mpitaiza anao no ho modelinay raha tianay ny hahay handray anao amin’ny fiainana ka hahazoanay famonjenia dia tsy inona fa hivelona ny maha olona marina anay, marina amin’ny fiainanay manontolo. Mety tsy ho vitanay tanteraka izany satria olombelona miloloha lanitra ka mety ho lena, mandia tany ka mety ho solafaka. Matoky ny famindramponao sy ny fahasoavanoa izahay hanavao anay ka ho Noely marina ary hitondra anay amin’ny fankalazana an’izany noely izany izao Alahady faha-4 fankalazana ny fiaviana izao ka ny fahasoavanoa anie ho eo anivonay tsirairay avy sy ny fianakavianay ka hiadam-pinaritra tokoa izahay satria mivelona ny fahamarinana ka hahatonga anay ho olomarina tahaka an'i Md Josefa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson